# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Septambra 2018

# 26 Alarobia septambra

**Raha jereko ny lanitrao, izay asan'ny rantsantànanao, sy ny volana aman-kintana, izay noforoninao, inona moa ny olona, no ahatsiarovanao azy ? Ary ny zanak'olombelona, no amangianao azy ?**
Salamo 8. 3-4

## Ny mpanamory sambondanitra : mahery fo ve ?

Olona nofantenana fatratra ny mpanamory sambondanitra : tsy maintsy mandalo fitsapana marobe izy, ary manaraka fanazarantena faran'izay henjana. Matetika dia misedra toejavatra tena sarotra izy eny ana habakabaka eny. Nefa manonitra ny ezaka rehetra ataony ny fahafahany mitazana zavatra tsy fahita avy etỳ an-tany.

Ilay mpanamory sambondanitra amerikana antsoina hoe James Irwin (1930-1991) dia nanoratra ny zavatra tsapany, taorianan'ny diany teny amin'ny volana tamin'ny taona 1971, nandeha tamin'ny Apollo 15. Hoy izy ao amin'ny sasintenin'ilay boky : „Tazako tamin'ity sidina ity ny tany, mitsingevana ao anatin'ny lalina maintin'izao tontolo rehetra izao, toy ny haingona hazo krismasy, sady tsara tarehy no marefo. Nanamarika kihondalana goavana teo amin'ny fiainako izany."

Nolazainy mazava, avy eo, fa tsy fitantarana fiainan'olona mahery fo tsy akory ny bokiny, na fanandratana ny fivoarana sy fahombiazan'ny teknôlôjia. Tsy izany, hoy ilay mpanamory, fa tantarana fiainana. Lazalazainy ao ireo fahadisoam-panantenana, lalan-tsarotra, fahoriana... Alohan'ny zava-drehetra, io boky io dia mitantara fifandraisana eo amin'Andriamanitra sy olona iray, i James Irwin. Olona nandray zavatra maro tamin'Andriamanitra, fanomezana sy fitahiana manokana. Saingy hainy koa ny manaiky fa naharipo Andriamanitra namerina azy ho eo anilany, tamin'ireo famindra diso teo amin'ny fiainany.

Maniry fatratra i Irwin, ao amin'io boky io, mba hahatonga ny mpamaky azy hijery am-pitandremana ny lalana tian' Andriamanitra hitondrana ny fiainany, sy ny fitiavan'Andriamanitra ny olona tsirairay. Olona vitsy dia vitsy no nandeha namaky ny habakabaka, fa ny olona rehetra kosa dia afaka manatona an'Andriamanitra, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.